FETIN'NY KRISMASY 2011

Olona roa maty, 50 hafa naratra teto larivo

Samy nanao fety araka ny fahefa-mividiny ny vahoaka malagasy. Samy nanana ny fomba nankalazany izany avy ny isan-tokantrano, fa raha ny hita teny amin'ny toerana be olona teto an-drenivohitra dia tsikaritra ho nifety tao anaty filaminana ny rehetra. Tsy vitsy ihany koa anefa ireo tra-doza noho ny fisotroan-toaka be loatra. Maro ihany koa ireo loza nateraky ny fitaingenana môtô. Raha ny tatitra voaray amin'ny ankapobeny, dia olona roa no namoy ny ainy ary 50 kosa no naratra teto Antananarivo sy ny manodidina.

Tao anatin'ny filaminana tanteraka no niatrehan'ny vahoaka malagasy ny fankalazana ny fetin'ny Noely 2011. Hita soritra teny amin'ny endriky ny rehetra ny hafaliana, na eo aza ny krizy mandalo eto amin'ny Firenena, ka tsy nahasakana ny olona tsy nikorana izany. Manana ny lanjany amin'ny mpino kristianina malagasy ihany koa ny fiavian'ny Mpamonjy, ka samy nanamarika izany avokoa ny isan-tokantrano.

Ny alin'ny 24 desambra lasa teo, dia maro ireo Fiangonana no naneho ny fahaterahan'i Jesoa tamin'ny alalan'ny fanaovana tantara tsangana. Tetsy andaniny, maro ihany koa ireo nifalifaly sy nitsangantsangana teny Analakely ary teny amin'ny toerana rehetra mahasarika olona eto an-drenivohitra. Saika hipoka avokoa ny Fiangonana rehetra, ny alahadin'ny Krismasy. Voafehin'ny mpitandro filaminana ihany koa ny lafiny fandriampahalemana tamin'ny ankapobeny, satria saika hita teny amin'ny toerana rehetra ny Polisy. Hatreny amin'ireo Fiangonana lehibe eto an-drenivohitra aza, dia nahitana azy ireo avokoa.

Zazalahy iray antsoina hoe Kévin kosa no teraka teny amin'ny hopitaly Befelatanana, ny sasakalin'ny Krismasy. Raha fintinina, dia nilamina ny fety, voahaja ihany koa ny fitoniana politika nandritra izany.

Niditra hopitaly

Tsy ilaozan-tsampona anefa ny fety toy izao. Olona roa no namoy ny ainy vokatry ny lozam-piarakodia, ka ny iray voahistaky ny fiara teny Ambohimangakely ary ny iray kosa teny amin'ny lalana Digy ny 24 desambra lasa teo.

Nanomboka ny alin'ny sabotsy lasa teo ka hatramin'ny alahadin'ny Noely tamin'ny 4 ora hariva, dia nahatratra kosa 50 ireo olona naratra nentina teny amin'ny hopitaly Hjra. Naratra vokatry fianjerana tamin'ny môtô ny ankamaroan'izy ireo. Teo ihany koa anefa ny ratra nateraky ny ady madinidinika. Nisy tamin'ireo olona ireo ihany koa no naratra novonoin'ny namany. Rehefa nahazo ny fitsaboana sahaza ho azy kosa izy ireo dia nalefa nody avokoa. Raha ny tao amin'ny sampana famelomana aina sy fitsaboana ny voapoizina kosa, dia nahatratra 27 ireo niditra tao amin'ny hopitaly. Ny 16 tamin'ireo no tsy maintsy tazomina mba hanaraka fitsaboana, satria mila fanarahamaso akaiky ny fahasalamany. Ny 11 ambiny kosa, dia tsy mahatsiaro tena vokatry ny fisotroan-toaka be loatra.

■ *Tojo R. sy W. F*